PUMA SE, PUMA WAY 1, D-91074 Herzogenaurach

FOREVER FASTER PUMA

FITSIPI-PITONDRANTENA

PUMA dia manaja ny Zon'olombelona. Izany fanajana izany dia mamaritra ny firotsahanay miaraka amin'ireo fiarahamonina iasanay sy miaraka amin'ireo mpiara-miasa manerana ny tambajotra famatsianay. PUMA dia manaja ny tontolo iainana. Manam-piniavana ny hitantana, hampihena sy hitatitra ny fiantraikan'ny fikambananay sy ny tambajotra famatsianay amin'ny tontolo iainana izahay.Ireo adidy atao ankim-bolana roa ireo dia voalaza ankarihary sy amin'ny fomba mangarahara ao amin'ny Fitsipi-pitondrantenan'i PUMA.Takiana amin'ny Mpiasanay, ny Mpamatsinay ary ny Mpiantok'asan'izy ireo rehetra ny fanarahana manontolo ity Fitsipi-pitondrantena ity. Raha misy fahasamihafana na fifanolanana mitranga, dia tokony hampiharina ny fenitra ambony indrindra.

FIFANDRAISANA ARA-PAMPIASANA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tokony hanangana sy hanaraka an-tsakany sy an-davany ireo fitsipika sy fepetra fampiasana izay manaja ny mpiasa ary, farafahakeliny, miaro ny zony araka ireo lalàna sy fitsipika nasionaly sy iraisam-pirenena mifehy ny asa sy fiahiana sosialy.

TSY MISY FAMPIASANA ZAZA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy tokony hampiasa olona latsaky ny 15 taona, na ny taona farany ambany eken'ny lalàna eo an-toerana, na ny taona famitana fanabeazana tsy maintsy atao, izay ambony kokoa amin'izy telo ireo.

TONTOLO IASANA TSY MAMPIDI-DOZA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy maintsy manome tontolo iasana tsy mampidi-doza sy mitandro fahasalamana ho an'ny mpiasa rehetra. Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy maintsy maka izay fepetra azo raisina rehetra hisorohana loza amin'ny toeram-piasana, ary tokony hampiroborobo am-pahavitrihana ireo fomba fanao mikasika ny aroloza sy ny fahasalamana eo amin'ny asa.

FAHAFAHANA MIKAMBANA SY MANAO FIFAMPIRAHARAHANA IOMBONANA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy maintsy manome antoka ny zon'ny mpiasany hikambana amin'ny sendikà, na amin'ny fikambanana mifandraika amin'ny asa na sehatr'asa hafa, ary ny zony hanao fifampiraharahana iombonana. Ireo zo ireo dia tsy maintsy omena amin'ny fomba tsy hahatahoran'izy ireo fampijaliana, fijabajabahana na famaliana faty.

TSY MISY FANAVAKAVAHANA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy manavakavaka na iza na iza amin'ny mpiasany. Ny mpiasa dia raisina am-panajana sy am-pitoviana tsy misy fijerena finoana, taona, sokajy lahy/vavy, fitondrana vohoka, toe-panambadiana, hasembanana, zom-pirenena zakaina, volon-koditra, firazanana, firehana politika na fironana ara-nofo.

FOMBA FANDRAHARAHANA MANAJA HAIFITSIPI-PITONDRANTENA

PUMA SE dia tsy handefitra manoloana ny kolikoly na eo amin'ny tambajotra famatsiana izany na eo amin'ny asa aman-draharahany manokana.

HASINA SY FANAJANA

Tsy leferina ny fanararaotana sy torikisina, sazy mihatra amin'ny vatana ary ny fampijaliana ara-batana, ara-nofo, ara-tsaina sy amin'ny alalan'ny teny aloaky ny vava eo amin'ny tambajotra famatsian'i PUMA. Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy mahazo mampiasa izay rehetra karazana asa an-terivozona, anisan'izany ny asa ampanaovina ny voafonja, ny asa fanandevozana ara-pifanekena, na ny asa fanandevozana fanefana trosa.

VALIN-KASASARANA RARINY

Ny mpiasa tsirairay dia manan-jo hahazo valin-kasasarana tambin'ny herinandro fiasana mahazatra tsirairay izay mahavaly ny filana fototr'ilay mpiasa sy manome azy fidiram-bola azony ampiasaina araka izay heviny. Ny mpampiasa dia tokony handoa farafahakeliny ny karama farany ambany ara-dalàna na ny karama fanome mifanentana amin'ny asa, izay ambony kokoa amin'ireo, hanaraka ireo fepetra rehetra takian'ny lalàna momba ny karama, ary hanome izay rehetra tombontsoa hafa takian'ny lalàna na araka ny fifanekena.

Raha toa ka tsy mahavaly ny filana fototry ny mpiasa sy tsy manome azy fidiram-bola azony ampiasainy araka izay heviny ny valin-kasasarana, dia tokony hiara-hiasa amin'ny mpiray ombon'antoka aminy ny mpampiasa mba hakana fepetra sahaza izay mikatsaka ny hahatrarana miandalana ny haavon'ny valin-kasasarana ampy ho an'izany.

TSY MISY ORA FIASANA TAFAHOATRA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy tokony ho voatery mihitsy hiasa mihoatra ny herinandro fiasana mahazatra tsirairay sy ny fanampin'ora eken'ny lalàna mifehy ny asa eo an-toerana. Ny herinandro fiasana mahazatra dia tsy tokony hihoatra ny 48 ora ary mila atao azo antoka fa misy andro 1 tsy iasana isaky ny 7 andro.
Raha tsy hoe misy toe-javatra miala amin'ny mahazatra, ny fitambaran'ny ora fiasana mahazatra sy ny fanampin'ora ao anatin'ny herinandro iray dia tsy tokony hihoatra ny 60 ora. Ny fanampin'ora dia tokony ho an-tsitrapo sy andraisana valin-kasasarana amin'ny tahan-karama ambony ary tsy ampanaovina matetika.

MANAJA NY TONTOLO IAINANA

Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy maintsy manaja ireo lalàna momba ny fiarovana ny tontolo iainana eo an-toerana na ireo fenitry ny sehatr'asa iraisam-pirenena, izay ambony kokoa amin'ireo. Ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo dia tsy maintsy mandrefy sy mampihena miandalana ny fiantraikan'ny asan'izy ireo amin'ny tontolo iainana.

FARITRA	TELEFAONA	FITENY
Azia Atsimo-Atsinanana	+84 989385612 +628 11 227 2143	
Azia Atsimo	+880 1708469256	
Azia Atsinanana	+86 13622884924	
Amerika	+503 77871132	
Eoropa, Afovoany-Atsinanana sy Afrika	+49 15114743876 +90 532 483 6685	

Manaiky ny mpamatsy sy ny mpiantok'asan'izy ireo fa ambany fanaraha-maso hentitra ny fomba fandraharahan'izy ireo. Tsy maintsy manana fahazo-an-dalana avy amin'i PUMA ny mpiantok'asa rehetra ary andraikitry ny mpamatsy ny manome antoka fa voahajan'ny mpiantok'asan'izy ireo ity Fitsipi-pitondrantena ity.

PUMA SE dia manokana ho azy ny zo hampitsahatra ny fandraharahana ifanaovany amin'izay orinasa hita fa tsy nanaja an'ity Fitsipi-pitondrantena ity.

Izay rehetra fangatahana fampahalalana, fitarainana ary sosokevitra mikasika an'ity fitsipika ity sy ny fampiharana azy, dia alefaso amin'ny sustain@puma.com na mifandraisa amin'ny Ekipan'ny Fampandrosoana Maharitr'i PUMA eo an-toerana azafady.

V. 06. 2016